LES REGLES DE FACTURATION

FITSIPIKA MOMBA NY TARATASIM-BAROTRA

La facture régulière doit comprendre :

- la date d'émission
- la signature du vendeur ou du prestataire
- la signature du client
- un numéro chronologique et continu par année
- le nom ou la raison sociale, le NIF, le Numéro d'identification statistique et le numéro de l'Attestation de Paiement de la Taxe Professionnelle du client
- la quantité, le prix unitaire, le prix total des marchandises vendues ou des prestations effectuées
- la date à laquelle doit intervenir le règlement
- le mode de paiement

L'entreprise doit garder au moins un exemplaire des factures délivrées.

Ny taratasim-barotra ara-dalàna dia tsy maintsy ahitana ireto manaraka ireto :

- *ny daty namoahana azy*
- *ny sonian'ny mpivarotra na ny mpanao saikin'asa*
- *ny sonian'ny mpanjifa*
- *ny nomerao milahatra sy mitohy tsara isan-taona*
- *ny anarana na ny anaran'ny fikambanana , ny NIF, ny nomerao statistika, ny nomeraon'ny karatra nandoavana ny Haba amin'ny asa aman-draharaha (patanty) mikasika ny mpivarotra na ny mpanao saikin'asa*
- *ny anarana na ny anaran'ny fikambanana, ny NIF, ny nomerao statistika, ny nomeraon'ny karatra nandoavana ny Haba amin'ny asa aman-draharaha (patanty), mikasika ny mpividy na ny mpanatanteraka saikin'asa*
- *ny fatra, ny vidin'ny singany, ny totalim-bidin'ireo entana lafo na ny saikin'asa tontosa*
- *ny daty tokony handoavana ny vola*
- *ny fomba handoavana ny vola*

Ny mpandraharaha dia tsy maintsy mitana dika iray mitovy farafahakeliny.

A- <u>Obligations en matière de facturation</u>

	DISPOSITIONS APPLICABLES	**OPERATEURS CONCERNES**
Grossistes et prestataires de service	La production de factures est obligatoire (art.20.06.18, §1. CGI)	Industriels, artisans, prestataires de services et commerçants
Grossistes effectuant quelquefois des opérations au détail	La production de factures est obligatoire (art.20.06.18, §2. CGI)	Industriels, artisans et commerçants
Les revendeurs sont tenus de justifier leurs achats par des factures régulières. Aussi, se trouvent-ils dans l'obligation de ne s'approvisionner qu'auprès de ceux qui délivrent des factures régulières (grossistes, par exemple).		

A- <u>Andraikitra mikasika ny fanomezana taratasim-barotra</u>

	FEPETRA TSY MAINTSY ARAHINA	***MPANDRAHARAHA VOAKASIKA***
Mpivarotra ambongady na mpanao saikin'asa	*Tsy maintsy manome taratasim-barotra ara-dalàna (and.20.06.18, §1. CGI)*	*Mpanao taozavatra vaventy, mpanao asa tànana, mpanao saikin'asa sy mpivarotra*
Mpivarotra ambongady mivarotra atsinjarany indraindray	*Tsy maintsy manome taratasim-barotra ara-dalàna (and.20.06.18, §2. CGI)*	*Mpanao taozavatra vaventy, mpanao saikin'asa sy mpivarotra*
Ny mpandraharaha rehetra dia tsy maintsy manamarina ny entana novidiany amin'ny alalan'ny taratasim-barotra ara-dalàna. Noho izany dia tokony any amin'ireo izay manome taratasim-barotra ara-dalàna (mpamongady, ohatra) ihany izy ireo no tokony hividy ny entana izay hamidiny.		

B- Les sanctions au nom respect de délivrance de factures

INFRACTIONS COMMISES	SANCTIONS ENCOURUES
*** Inexistence de factures** *** Présentation de factures irrégulières**	L'amende à payer est égale : * au prix de vente des produits * au prix du service rendu * au prix d'achats (pour les clients)
*** Présentation de factures irrégulières entre assujettis à la TVA**	* Paiement de la TVA correspondante. * L'amende à payer est égale à 100% du montant de la taxe ci-dessus. * En cas de récidive : l'amende est portée à 200%
***Ventes/prestations effectuées sans factures entre assujettis à la TVA**	Amende 200% du montant de la TVA calculée sur : * la valeur marchande des biens vendus * ou la valeur des services rendus
*** Délivrance de factures fictives**	* Si délinquance primaire : l'amende est égale à 100% de la valeur indiquée sur la facture * En cas de récidive : l'amende est portée à 200%

B- Ireo sazy amin'ny fandikan-dalàna mikasika ny fanomezana taratasim-barotra

IREO FANDIKAN-DALANA	*SAZY AMPIHARINA*
**** Tsy fananana taratasim-barotra*** **** Fampisehoana taratasim-barotra tsy ara-dalàna***	*Ny sazy haloa dia mitovy amin'ny :* ** totalim-bidin'ireo entana lafo* ** totalim-bidin'ireo saikin'asa tontosa* ** Ireo sazy ireo dia sady mahavoa na ny mpivarotra na ny mpanjifa*
**** Fampisehoana taratasim-barotra tsy ara-dalàna amin'ny samy mpandoa TVA***	** Fandoavana ny TVA tandrify* ** Fandoavana sazy mahatratra 100% n'ny hetra voalaza etsy ambony* ** Fandoavana sazy mitentina 200% raha misy ny famerenan-keloka*
**** Fivarotana entana na fanaovana saikin'asa tsy misy taratasim-barotra ataon'ny samy mpandoa TVA***	*Fandoavana sazy mahatratra 200% n'ny haba amin'ny tataom-bidy (TVA) mifanaraka amin'ireo :* ** vidin'entana lafo* ** na ny vidin'ny saikin'asa tontosa*
**** Famoahana taratasim-barotra sadasada (tsy mifandray amin'ny raharaha tena izy)***	** Fandoavana sazy mahatratra 100% n'ny vidin'entana na ny vidin'ny saikin'asa voalaza ao anatin'ny taratasim-barotra* ** Raha misy famerenan-keloka dia 200% ny sazy*